

# LA BIBLE, SOURCE D'INSPIRATION POETIQUE ? QUELQUES EXEMPLES : THEMES ESCHATOLOGIQUES

atolotr'i  
Jean Irénée RAMIANDRASOA

## Famaritana ny atao hoe ESCHATOLOGIE

Ny teny frantsay hoe ESCHATOLOGIE dia faritan'ny rakibolana samihafa fa avy amin'ny teny grika hoe « *eschaton* »: izay ho tonga any am-parany. Araka izany, ny ESCHATOLOGIE dia ny rijan-kevitra manadihady ny *fiafaran'izao tontolo izao* sy ny *tontolo any aoriana any*.

Azo fintinina ho tarakevitra folo ny voalazan'ny Baiboly mikasika an'io «any aoriana any» io:

1. Tsy maintsy ho tapitra sy ho foana izao tontolo izao (Mt. 5, 18 sy 13, 39)
2. Ny olombelona sy ny zavaboary koa dia misy fetra sy miserana ihany:  
«Ny olona tera-behivavy dia vitsy andro (...)  
Mitsimoka tahaka ny voninkazo izy ka jinjaina; ary mihelina tahaka ny aloka ka tsy mitoetra» (Joba 14, 1-2).
3. Ao anatin'ny hotakotaka sy loza amin'antambo no hikoro izao tontolo izao any aoriana any:  
«Nisy horohoron-tany mafy; ary tonga mainty tahaka ny volon'osy fisaonana ny masoandro, ary tonga tahaka ny rà avokoa ny volana. Ary ny kintana tamin'ny lanitra dia niraraka tamin'ny tany» (Ap. 6, 12-13).

4. Ka hosoloan' Andriamanitra Lanitra vaovao sy Tany vaovao, sehatry ny tonga lafatra :  
«Handry fehizay» ny olona (Hosea 2, 20), ary «handositra ny alahelo sy fisentoana ; ho foana mandrakizay ny fahafatesana» (Is. 25, 8).
5. Lanitra vaovao sy Tany vaovao izay manana toetra mifanohitra amin'ny an'ny lanitra sy tany ankehitriny izay lapan'ny fahoriana sy ny haizina :  
«tsy manam-pahazavana» (Is. 4, 29).
6. Any aoriana any, dia «hitsangana amin'ny maty» ny olona :  
«Injay nisy feo, ary indro nihetsiketsika sady nifanatona ny taolana, samy nanatona ny taolana namany avy. Ary hitako fa, indro naniry ozatra sy nofo ary nisarona hoditra izy. Dia nidiran'ny fofon'aina ireo ka velona, dia nijoro tamin'ny tongony» (Ez. 36, 7-10).
7. Tsy hitsangana fe hitsangana fotsiny amin'ny maty, fa «hitsangana amin'ny anjarany» (Dn. 12, 13), izany hoe hotsaraina farany :  
«Ary maro amin'ireo matory ao amin'ny vovoky ny tany no hifoha : ny sasany ho amin'ny fiainana mandrakizay, ary ny sasany ho amin'ny henatra sy latsa mandrakizay» (Dn. 12, 2).
8. Ary izay nino ny FAMONJEN'i Jesoa Kristy dia ho any amin'ny fanjakan'ny lanitra. Jesoa tokoa mantsy :  
«efa natsangana tamin'ny maty ho santatr'izay efa nodimandry» (I Kor. 15, 20); noho izany, «efa tonga amintsika sahady ny fanjakan'Andriamanitra» (Mt. 12, 28).
9. Ireo «olo-marina» — ireo manara-dalàna — hiala sasatra any amin'ny Fanjakan'ny lanitra tahaka an'ilay jiolahy :  
«tsy mbola nanao zavatra tsy mety na dia kely akory aza» (Lio. 23, 43).
10. Ary izany rehetra izany no tanteraka, dia noho ny herin'Andriamanitra izay Fiandohana sy Fiafarana, Alfa sy Omega. (Ap. 22, 13).

#### . Famaritana ny lohateny

Ireo izany, amin'ny ambangovangony, no tara-kevitra samihafa mamaritra ny ESCHATOLOGIE takarina avy amin'ny Baiboly. Raha ireo tarakevitra ireo no heverina ho loharano nanovozan'ny poeta teto amintsika aingam-panahy, dia izao no fañontaniana mipetraka : ny inona amin'ireo tarakevitra ireo no nalain'ny poeta ka narafiny ho tononkalo? Ao ny naloany : inona no antony? Ao ny nateliny : nataony ahoana?

1. Raha vao mamaky ny tononkalo isika, dia toa misongadina hatrany fa *mino sy mikalo* ny ambangovangon'ny rijan-kevitra mikasika ny «any aoriana any» ambaran'ny Baiboly ny poeta : loharano ipoiran'ny aingam-panahy tokoa ny Baiboly ho an'ny poeta teto amintsika.

2. Rehefa tena dinihina akaiky anefa, dia toa tsy tokim-pinoana no fonosin'ny tononkalo fa tebitebin-tsaina sy tebitebim-panahy. *Ahiahy* manoloana ny «any aoriana any».

3. Ny tena marina anefa dia izao: olona *hafa sata* ny poeta ka manana tontolo azy *manokana sy mahaleotena* ny poezia. Koa tsy manan-danja amin' ny poezia ny hoe: loharano sa tsy loharano anovozan' ny poezia aingam-panahy ve ny Baiboly?

### FEHINY

Alohan' ny hirosoana amin' ny famahavahana fohy ireo hevitra telo vovonana iadian' ny lohan' izao dinidinika izao ireo, dia tokony homarihina fa tsy ny poeta sy ny tononkalo malagasy rehetra akory no nanorenana ny famelabelarana, fa ireto ihany:

ny *Kalokalo Tatsinanana*, amboaran-tononkalo ho fahatsiarovana ny poeta Samuel RATANY maty tamin' ny taona 1926; koa amboara ahafahana indrindra manakatra ny amin' ny «any aoriana any», ny any ambadiky ny fahafatesana, satria fehezam-boninkazo aterina eo an-doha fasana.

Tsy vitan' izany ihany fa ny *Kalokalo Tatsinanana* koa dia ahitana ny diam-penin' ny:

— mpanoratra ZOKINY: Ny Avana RAMANANTOANINA

— mpanoratra ZANDRINY namiratra indrindra: Ignace RATSIMBAZAFY, Jean-Joseph RABEARIVELO, Lusio B., Fredy RAJAOFERA, METEORA, Joseph RAJAONAH, ELIZA FREDA, RAFANO HARANA, JEAN NARIVONY ary i RODLISH.

amin' ireo poeta *aranaka fahatelo*, — teraka teo ho eo amin' ny taona 1910 — dia i Le MYOSOTIS na i Charles RATSARAOELINA sy i DOX.

amin' ireo poeta *aranaka fahaefatra*, — teraka taty aorian' ny taona 1922 —, dia i Randja ZANAMIHOATRA.

amin' ireo poeta *aranaka fahadimy*, — teraka teo ho eo amin' ny taona 1931 —, dia i Riza RATSIMAZOA.

Ireo poeta «tanora» amin' izao fotoana izao tahaka an-dry Nalisoa RAVALITERA, dia navelanay mbola hosivanin' ny fotoana, ka tsy horeshina. Fa ny zavatra tianay hotsipihina, dia izao: nokendrena mba hahafaoka ny vanim-potoana rehetra notetezin' ny poezia teto amintsika ny safidy tsy maintsy natao: nanomboka tamin' ny poeta zokiny — Ny Avana RAMANANTOANINA —, ka mifarana amin' ny poeta ankehitriny mbola velona, Riza RATSIMAZOA.

★

★

★

I. FINOANA NY AMIN'NY HAHATAPERAN'IZAO TONTOLO IZAO SY AMIN'NY TONTOLO «ANY AORIANA ANY»: ny Baiboly, loharanon'ny aingam-panahy.

Raha ny tononkalo nosoratan'ireo poeta nofantenana no vakina, dia misongadina avy hatrany fa *loharano nanovoza* ny *poezia aingam-panahy ny tara-kevitra ny Baiboly* mikasika ny hahataperan'izao tontolo izao sy ny tontolo aorian'izao.

1. Ho an'ny poeta eto amintsika, dia misy Andriamanitra mpandahatra izao tontolo izao, ivelan'ny fotoana satria *maharitra* mandrakizay:

«Izy no nahary dia ny Fiandohana  
Izy no Omega dia ny Fiafarana»

RODLISH (1)

2. Raha maharitra mandrakizay toy izany Andriamanitra, dia *miserana* sy *mandalo* fotsiny ihany kosa ny zava-boary sy ny olombelona. Ny olombelona mantsy dia «voninkazo, ka nandazo», hoy i ELIZA FREDA (2). Ary hoy kosa ity poeta iray hafa hoe:

«O! ry foko mandiniha  
Fa ny andronao etoana  
Toy ny raty ka malia  
Rehefa tonga ilay fotoana

Zavon'io ka misavoana  
He! manidina malaky  
Ny herin'io dia zava-poana,  
Siny tany mora vaky»  
Joseph RAJAONAH (3)

3. Tsy ny zavatra ny tany ihany no misy fetra, fa ny tany manontolo mihitsy koa. Ary «any aoriana any», dia ho *tapitra* ao anatin'ny hotakotaka sy loza izao tontolo izao:

«Fantatro, ry Ray, fa ny zavatra rehetra  
Ho levona avokoa tsy hitoetra intsony  
sy ho ravarava».

Ch. RATSARAËLINA (4)

«Aizim-pitoloha sy kotrok'orambaratra ampangain'ny Tselatra ary Afo: Rohimena» no aminavinan'i Riza RATSIMAZOA (5) izany andro farany izany ... Andro farany «hahatapi-mandry ny kintana eny ambony», hoy i Randja ZANAMI-HOATRA (6).

(1) *Ny Tompo Zanahary*

(2) *Ilay reny tsy miteny*

(3) *Misondrota, mitraka ka mihirata.*

(4) *Vetsovetso sisa ...*

(5) *Ny fanekem-pinoako*

(6) *Ny lalamben'ny velona*

4. Ary rehefa torotoro sy hotohoto tahaka izany izao tontolo izao, dia hisolo *tontolo vaovao*. Tontolo vaovao apetraka eo amin'ny sehatry ny fotoana: «ilay Maraina», na «Maraina vaovao»; tontolo vaovao apetraka koa eo amin'ny sehatry ny toerana sy elanelan-tany: «any ambony any», na «any an-danitra any», na «any ambadiky ny kintana any». Indrindray koa anefa, dia tondroin'ny poeta amin'ny alalan'ny anaran-toerana hoe «Jeroselema», na «Edena», na «Paradisa» io tontolo vaovao io.

Tsy hain'ny fandrenesam-batana sarihina ny toetoetran'izany tontolo vaovao izany, ka dia boriborian'i DOX fotsiny amin'ny hoe:

«Inoako anefa fa hasohaso  
mānoatra noho ny hita maso  
no an'ny any an-koatra any» (7).

Ary fintimpitinin'i Charles RATSARAOELINA amin'ireto andalan-tononkalony ireto hoe:

«Fa eto ivohon'ny aramaso mbola hisy fitsaharana  
eny an-dasin'ireo kintana, any ankoatrahoatra any,  
any ankoatrahoatra any,  
any isika no hisambatra ...» (8).

5. Io tontolo «tany tsy hita, nefa feno ny zavatra irina, feno azy ary be dia be» araka ny amaritan'i J.J. RABEARIVÉLO (9) azy io, dia mifanohitra amin'ny tontolo iainantsika ankehitriny, izay lapan'ny *fahoriana* isan-karazany. Io ilay tarakevitry ny «tontolo tataovan-drahona mandrakarivan'ny poeta» eto amintsika lazain'i Siméon RAJAONA (10) ao amin'ny *Takelaka Notsoingana I*, ka loko manavaka ny tononkalo malagasy.

Nobitsihin'ny volana tamin'ny poeta Ny Avana RAMANANTOANINA tokoa mantsy fa «izao tontolo izao, dia zavon-tsento ihany, nivongana ho tany» (11). Ary ho an'ny poeta Randza ZANAMIHOATRA aza, dia «fofom-paty» mandrakariva no zary rivotra amboloin'ny velona (12).

6. Maizina tokoa ny fiainan'ny zanak'olombelona. Ka eo anatrehan'izany toe-javatra izany, dia niara-nihiaka ireo poetantsika, nanontany sy nifanontany hoe: tapitra eo amin'ny fahafatesana tokoa ve ny fiainana? Zava-boary tahaka ny zava-boary rehetra tokoa mantsy ny olombelona. Ny zava-boary anefa:

«Jereo ny felana mitsimoka avy amin'ny taho-maina  
Toy ny maty ny voary, kanjo indro indray miaina  
Resiny ny fahafatesana ...»

DOX (13)

---

(7) *Inoako*

(8) *Rian-dranomasina*

(9) *Nosoratana tao anatin'ny fangorakorahana*

(10) *Jereo ny Takelaka Notsongaina I*, tak. 61

(11) *Bitsiky ny volana*

(12) *Jereo ny amboara 2003*

(13) *Mandihiza*

«Miofo» ny zava-boary, hoy i Fredy RAJAOFERA, «maty toy ny vary dia mamoa» (14).

Koa raha «maty» dia «velona» tahaka izany ny zava-boary, dia torak' izany koa ny olombelona izay mpanjakan' ny zava-boary. Ary maro ny fomba nanehoan' ireo poeta teto amintsika ny finoan' izy ireo ny *fitsanganana amin' ny maty*. Santionany vitsivitsy :

- . Ao ireo manambara mivantana tahaka an'i Eliza FRÉDA fa «ny maty hofongarina daholo» (15).
- . Ao kosa ireo milaza tahaka an'i Charles RATSARAOELINA sy i DOX fa any aorian' ny fahafatesana any dia «mbola hisy ny fihaonana» (16), tarakevitry ny «fihaonana», niombonan' ny poeta maro — saika izy rehetra — hanehoana ankolaka ny *fiveřenan' ny karazam-pahavelomana* indray ...
- . Ary rehefa «mihaona», any, dia miaina «fahavelomana» hafa karazana, «mifanerasera» amin' ny fomba mifanohitra amin' ny fahavelomana voalohany. Ny *lalamben' ny maty* nosoratan-dRandja ZANAMIHOATRA dia mitantara ny seranana itodian' ny maty «miakatra any an-koatra». Ary rehefa tojo tany ny poeta, dia izao no fahitany ny tany :

«Ny lanitra hitanay  
dia zepizepy manga  
sy lamba tonta irain'  
ny mpivady fahagola  
nifampisintaka ela  
sy mody nifanjola  
kinanjo mifanjohy  
sy tsy mifankafoy» (17)

Mihetsika ny fo sy ny vatana : izany hoe, «velona» indray!

7. Tsy dia misongadina loatra kosa ny tarakevitra fahafito, ny *Fitsarana farany*, eo amin' ny tononkalo niompanan' ny fandalinana. Ny hany tsikaritra angaha, dia ny fiheveran' ny poeta tahaka an'i Jean NARIVONY, fa tsy ho very tadidy ny asa — indrindra ny ratsy — natao fahavelona :

«Manahia anefa sao  
Raha vita ny eto an-tany  
Sao hadinina aminao  
Izany sentom-poko izany» (18).

---

(14) *Fahavaratra*

(15) *Mino aho*

(16) *Jereo, ohatra, Mbola hisy*, nosoratan' i Ch. RATSARAOELINA

(17) *Ny lalamben' ny maty*

(18) *Fe ankehitriny*

Tsy maintsy marihina koa anefa, fa misy tononkalo vitsivitsy izay toa karazana fanekem-pinoana nobitsihin'ny Baiboly mivantana. Tahaka ny *Mino aho* nosoratan'i Jean NARIVONY:

«Zaho mino f'any andro hihavian'ilay Mpitsara  
 'Zay hitsara firenena araky ny asany avy!  
 Ka ny mpino dia homena lova soa tsara fara,  
 Fa ny olon-dratsy kosa: «Afobe miraviravy» (19).

8. Koa ny *famonjena* antsika olombelona, *famonjena* amin'ny *afobe roa sosona* — ny *afobe loza* mihantona any aoriana any, sy ny *afobe ankehitriny* — dia ny mifanasoa: ny *soa* ahafahantsika dieny izao ankehitriny izao misantatra ny fiainana feno fahasambaran'ny any amin'ny maraina vaovao:

«Ka samia mifanasoa, ary koa mifankatiava!  
 Dia hanjary Paradisa itony fiaina-maizin-dava!»  
 Eliza FRED A (20)

9. Ny tarakevitry ny *Famonjen' i Jesoa Kristy* dia tsy hita teo amin'ny tononkalo nodinihina.

10. Ny tarakevitra voalohany sy farany ny amin'ny *tsy maintsy hahataperan'izao tontolo izao* sy ny amin' *Andriamanitra Alfa sy Omega* dia natambatra ho iray ihany teo amin'ny sehatry ny poezia.

#### FEHINY:

Tsy maintsy marihina, fa ho an'ny poeta teto amintsika, dia ny **FANAHY** ihany no mody, hiaina ny fahavelomana faharoa any aoriana any, fa tsy ny vatana:

«Any ho any mantsy, ambadika any ho any  
 Fanahy tsy hita isa, tsy fantatro akory  
 Nijaly toy ny foko, nitia sy nitomany  
 Mianoka sy sambatra tsy tratry ny mahory  
 ankoatrahoatra ao ...»  
 Charles RATSARAOELINA (21)

## II. AHIAHY MANOLOANA NY «ANY AORIANA ANY»

Rehefa tena dinihina anefa, ny tononkalo, dia tsy mianoka amin'ny finoana sy fitokiana ny «any aoriana any» — araka ny nanamarihina azy teo — ny poeta teto amintsika. *Ahiahy* no toa mamieno ny saina amam-panahin'izy ireo, afa-tsy i Charles RATSARAOELINA angamba, izay toa tsy ahitana loatra io ahiahy

---

(19) *Mino aho*

(20) *Ny tera-behivavy*

(21) *Ry kintan'ny hariva*

manoloana «ny any aoriana any» io ... Toa fisalasalana mitarika *tebiteby* no tsikaritra manerana ny tononkalo. Tebiteby zary *fandavana* ankitsirano ny fanambaran'ny Baiboly ny amin'ny «any aoriana any» aza no tsikaritra amin'ny poeta sasany toa an-dry Riza RATSIMAZOA.

Anton-javatra maro — ary toa samy manana ny azy manokana aza ny poeta tsirairay avy — no nahatonga io *ahiahy sy tebiteby* io : ao ny faniriana tsy tanteraka, ao ny adim-piainana isan-karazany, ao ny fahadisoam-panantenana teo amin'ny fitiavana, sy ny sisa tsy ho voatanisa ... Fa rehefa tena dinihina izy rehetra ireny, dia toa azo avondrona ho tokana ihany: ny *ahiahy* manoloana ny «any aoriana any», dia ateraky ny *fijerin'ny poeta ny fiainana*. Raha manopy ny masony amin'ny fiainana ny poeta, dia mahita zavatra isan-karazany, ao ny soa, ao ny ratsy; ao ny salama, ao ny sembana; ao ny fifaliana, ao ny fahoriana ... Toa tsy hita izay handraisana azy, ka mahatonga ny eritreritry ny poeta hanadinkadina ny amin'ny fiainana: nahoana? inona no antony? Fa maninona? ... Izay lalan-tsaina iombonana diavin'ny eritreritry ny poeta eto amintsika izay, dia azo songoin-dia ao amin'ity tononkalon-dRandja ZANAMIHOATRA anankiray ity:

«amin'ity lalana ity misy fasana mangataka  
osa, jamba, kilemaina henonao miambezo foana  
mitso-drano aman'ozona ireo mpandalo mihatakataka  
jamba koa manoina azy sy marenina sy moana

soa ihany tsy mba ianao  
na dia tamin'ny andronao

amin'io lalana io ... samy otroni-mpianakavy  
misy mpanambady vao, misy faty ndeha halevina  
ary boky tonta koa : lehilahy sy vehivavy —  
boky tsisy lohateny vita fonony matevina

hosokafantsika sa ...?  
aoka izany ho any fa  
ny antony ahavelomanao  
ny antony ivelomanao  
ny antony amelomanao  
ny antony hahafatesanao  
mandehana hoe zahao  
ndrao dia tsy voasoratra ao  
tena tsy ao tokoa fa very  
na tsy nisy velively

karohy haingana any am-pasana  
aza miverina raha tsy hita  
soava mody, tongava andrasana  
veloma tsy rendri-mita

Randja ZANAMIHOATRA (22)



Mihalohalo manerana ny fiainan'ny olombelona — sy ny tononkalo eo ambony — ny *fahafatesana*: ny tononkalo rahateo koa moa dia miandoha amin'ny fahafatesana (andalana voalohany), ary miafara amin'ny fahafatesana (andiny farany).


Vay an-kandrina miharihary eo anivon'ny tokotanin-tarehin'ny fiainana ny fahafatesana. Ny «vovoka», ny «vao tanora ho lasa sahad», ny «zanak'ondry halavon'ny tady»,

«ny fahatanorako ho fohy  
Fa efa miditra ilay lava-johy»,

ny «nofoko ho rava» ..., ireo rehetra ireo — izay sary manambara ny fahafatesana avokoa —, no nitarika an'i J.J. RABEARIVELO *hangorakoraka, hitebiteby sy hiahiahy* (23).

Izany hoe, karazana fanoitra manosika ny poeta handefa eritreritra any amin'ny atao hoe fiainana, ny fahafatesana. Mahatonga ny poeta hanadinkadin-javatra, mariky ny ahiahy:

«Aninona eto, ry Mpandalo?  
Ary ho aiza moa ianao?»  
Randja ZANAMIHOATRA (24)



**Nahoana tokoa moa no tsy hitebiteby?**

I DOX tokoa mantsy, dia mandravona ny endrika ahitan'ny poeta eto amintsika ny fahafatesana toy izao, ao amin'ny tononkalony anankiray malaza dia malaza:

«Ao izy ... ravarava, efa nody ho voyon-tany»  
DOX (25)

Mandrava ny vatana ny fahafatesana: azo antoka io.

Ny vovoka, ny lavenona anefa, dia «efa navalan'ny onja», hoy i J.J. RABEARIVELO (26) ...

Koa eo no teraka ny fisalasalana ao amin'ny poeta: sarotra ho an'ny saina mandanjalanja ny hihevitra fa ... mbola ho velona any ho any ireny olona maty ireny! «Rehefa tonga amin'ny fitsaharany, ny nofonao tsy hiarina», hoy tokoa mantsy i DOX (27). Indrindra indrindra koa, fa:

*etsy andaniny*, tsy hita maso sady tsy fantatra ny sehatra sy toerana hiainana ny fahavelomana faharoa: «tany tsy hita» io, hoy i J.J. RABEARIVELO (28), «any ankoatrahoatra any», «any ho any», «any ambadiky ny fasana», hoy ny sasany (29).

(23) *Nosoratana tao anatin'ny fangorakorahana*

(24) *Fifamotoanana*

(25) *Manina ny zanako aho*

(26) *Tsy embony akory*

(27) *Hay tokoa*

(28) *Nosoratana tao anatin'ny fangorakorahana*

(29) Teny ampiasain'ireo poeta ahitana ny tarakevitra eto.

Izany hoe, tsy mazava, tsy voafaritra tsara ny toerana. Mampihaiiky ny fahaizan' ny teny malagasy mamaritra zavatra malalaka hevitra sy mahafao-be !

*etsy ankilany,*

«Efa nandre ny maty nievina teo an-tokonam-baravaran'ny velona va ianao?

Tsiambolana?

Dia ireo niamboho ny masoandron'ny tany ...»

Randja ZANAMIHOATRA (30)

Ny maty ve? «Ilay reny tsy miteny», hoy i Eliza FREDA (31).

Manontany i J.J. RABEARIVELO (32):

«Hamoha ny torimason'ny lanitra sy tany

Ka hamerina avy any...

Avy any, nefa avy aiza? ...»

tsy nahazo valiny! Manontany koa i DOX (33):

«Ary izaho raha lasa, moa ny herin'ny finoako

Hanangana ahy ho vaovao, miavaka amin'izay tsaroako?

tsy nahazo valiny ihany koa!

I Randja ZANAMIHOATRA (34) no mamaly hafahafa toy izao:

«Adala ve ny hendry?

Apetraho aminy izao fanontaniana izao:

«Mankaiza marina ny maty?

«Ary inona no ataony any?

Fa raha mamaly izy

Dia misy simba kely ny sainy

Fa raha hoy izy:

«Rehefa maty aho

«Mamaly izany!»

Dia olon-kendry izy.

Raha «adala» ny olona mino ny fahavelomana faharoa ho an-dRandja ZANAMIHOATRA, dia «mpandainga» kosa no anondroan' i Riza RATSIMAZOA (35) azy:

«Fa laingan'ireo Mpaminany

Ny hevitra fisian'izay

Edena any an-koatran'ny Rahona».

(30) *Vakio ka hano*

(31) *Ilay reny tsy miteny*

(32) *Eritreritra fahavaratra*

(33) *Ary izaho raha ho lasa*

(34) *Adala ve ny hendry?*

(35) *Ny hevitra ny tsara*

## FEHINY :

Fandavana ankitsirano ny fanambaran'ny Baiboly mikasika ny «any aoriana any» no tsikaritra ao amin'ny poeta sasany: mbola endrika anankiray ihany koa maneho ny *tebiteby* manoloana ny fiainana, ny *ahiahy* manoloana ny ampitso tsy fantatra.

### III. MANANA TONTOLO AZY MANOKANA NY POEZIA

Tsy dia misy dikany loatra anefa ny *Finoana* na *Fandavan'*ny poeta ny fanambaran'ny Baiboly mikasika ny «any aoriana any». Tsy dia tokony hisarika loatra ny sain'ny olona mpamaky sy mpankafy ny poezia ny hoe: «loharano nipoiran'ny aigam-panahin'ny poeta ve ny Baiboly?» Ny antony mantsy, dia satria manana ny tontolony azy manokana tahaka ny poezia eran-tany ny poezia eto amintsika. Tontolo novolavolain'ny Baiboly ve? Azo valiana boribory hoe: tontolo novolavolain'ny sain'ny poeta.

#### 1. NY POETA.

Ny Poeta tokoa mantsy, dia olona miavaka amin'ny sarambaben'olo-tsotra tsy poeta. Toa olona manana *hasina manokana* izy ireny, ka *hafa sata*. Ho an'ny fiaraha-monina grika fahizany, dia manana hery hambabo ny fon'ny biby faran'izay masiaka sy hanoina ny fon'ny andriamanitry ny fahafatesana i Orphée, taratry ny poeta. Ho an'ny fiaraha-monina sasany moa — anisan'izany ny eto amintsika —, dia heverina ho toy ny olona *hafahafa* ireny poeta ireny matetika: varimbariana izany, lasalasa ambiroa mazàna ary mpanonofinofy matetika!

Tsy izany mihitsy anefa, fa ao amin'ny poeta, dia misy olona roa. Hoy mantsy i DOX (36) ao amin'ny tononkalony anankiray hoe:

«Ndeha avelako ny tenako, ny 'izaho isan'andro'».

Io «izaho isan'andro» io no tondroin'ny olona ho varimbariana sy ho indrakindrafana aza indraindray: hita maso, azo tsapain-tànana io! Fa ao ambadik'io, dia misy «izaho hafa», ny «izahon'ny poeta», «izaho fanahy». Ny fananana an'io «Fanahy» io no maha hafa sata ny poeta.

- a) Io «Fanahy» maha-poeta io, dia manana *toerana manokana* onenany. Aiza ?  
«Fanahin'ny Poeta, mihoatra ny ara-batana  
sy varavaran-telon'izao tontolo izao».

hoy i Randja ZANAMIHOATRA (37). Ny izao tontolo izao iainantsika olon-tsotra tokoa mantsy, dia mijadona, **feran'ny hasin-javatra telo: ny halava, ny sakany, ny haevo** (espace euclidien). Any ivelan'io no mivelona ny Poeta, ary ny poeta irery ihany no tafiditra any amin'io toerana antsoin'i Riza RATSIMAZOA (38) hoe:

«Ambonim-pamoronan-ko naharin-java-belona»

io; lazain'i Charles RATSARAOELINA (39) ho «tany hafa noho ny taninay».

(36) *Toy ny antitra mikalo.*

(37) *Poeta*

(38) *Hasambarana*

(39) *Ry elatry ny nofy*

b) Hafa fonenana ny poeta, ka hafa *sata*. Afaka sady *mijery no mahita* : ny olon-tsotra dia mijery fotsiny ihany fa tsy mahita. Toy izao ny filazan-dRandja ZANAMIHOATRA (40) ny amin'io :

«Irery mahalala, tafiditra mivantana  
Anivon'ny tsy fantatra ...»

Koa izay hoy izy — ao amin'io tononkalo io ihany —. no maha-*mpaminany* ny poeta. Mpaminany satria *mahita* ny tsiambaratelon'izao tontolo izao, ary mamboraka izany ao amin'ny tononkalony.

d) Ho an'ny poeta dia ny fotoana ifohazan'ny *aingam-panahy* no iainany tahasambarana tapitr'ohatra. Teny maromaro no iantsoan'ny poeta eto amintsika ny *aingam-panahy* (inspiration poétique) :

- . « *Mioza* », hoy RAFANO HARANA (41) (fanagasiana ny teny frantsay hoe « *Muse* », andriamanibavin'ny poezia)
- . « *Kopak'elatra* », hoy ry DOX (42)
- . « *Valiha* » na « *sodina* » hoy i Randja ZANAMIHOATRA (43)
- . Saika ny poeta rehetra dia mampiasa ny teny hoe « *Nofy* », na « *Hira* », na « *vetso* » sns...

Rehefa « miakatra ny lanitra, miova tsy ny *kopak'elatra* » ny hira — fomba ilazan-dRiza RATSIMAZOA (44) ny firosahan'ny *aingam-panahy* —, dia izao no filazan'ny poeta ny zava-mitranga :

hoy i RODLISH (45) :

«Toa tsy zavatra ny tany no jerena  
Fa tandindom-paradisa ary an-koatra  
Toa misidina mankeny koa ny tena  
Ka ny Anjely no iarahana mitoetra».

hoy i Charles RATSARAOELINA (46) :

«Atsory ny elatrao  
Fa hiaraka any isika hitady tonga lafatra  
Hitady ony mamy hialan'ny foko sasatra».

ary hoy i DOX (47) :

«Hanainga ny fanahinao hihoatra izao tontolo izao  
Ka hisidina amin'ny tany, tany ho an'ny fanahy  
Mahafa-tebiteby sy mahafaka ahiahy ...»

(40) *Poeta*

(41) *Mifohaza ry poeta*

(42) *Jereo ny amboara Folihala*

(43) *Jereo ny amboara Vainafy tononkira*

(44) *Ary nihira aho*

(45) *Takariva*

(46) *Ry elatry ny nofy*

(47) *Mihira ianao*

e) Ho an'ny poeta, ny tena atao hoe fahafatesana, dia rehefa tankina ny aingam-panahy; satria, rehefa tsy mamangy intsony ny poeta ny aingam-panahy, panahy,

«dia mangina teo ny tany fa nilaozan'ny malalany»,  
hoy i Randja ZANAMIHOATRA (48).

Koa, araka ny voalaza teo am-piandohana, tsy dia misy dikany loatra ny Finoana na Fandavan'ny poeta ny Baiboly, ny maha loharano na tsy loharano anovozan'ny poeta aingam-panahy ny Baiboly. Ny zava-dehibe ho an'ny poeta mantsy, dia ny hahafahany miditra ao amin'ny tontolo azy manokana, ka maha poeta ny poeta. Ary na zava-boary, na fahanginana, na fahasambarana no lakile mamoha ny varavaran'io tontolon'ny poeta io, dia tsy maninona. Izay indrindra no tokony handraisana ireto andalan-tononkalo ireto:

«Na volana na kintana  
na *sitraka* na *vintana*  
na Jehovah ... na ... satana  
Hisaorako avokoa  
Raha izy no mpanavotra  
Mampakatra ny fo  
hitafy voninahitra  
Any ivohom-pahàlovana  
Any an-tratran-tany hafa :  
Tanin'ny Matoambolana»

Riza RATSIMAZOA (49)

Ny zava-dehibe ho an'ny poeta, dia ny hahafahany mianoka ao amin'ny ontolon'ny «matoambolana» (literatiora, poezia).

## 2. NY POEZIA

Ny Poezia tokoa mantsy dia *Finoana*. Ary tahaka ny finoana sy fivavahana rehetra — toy ny kristianina, ny silamo, ny bodista ohatra —, dia manana foto-pinoana izy, ary ireto telo ireto no mavesa-danja indrindra amin'izany:

a) Maharitra *mandrakizay* ny poezia. Talohan'ny fisian'ny olombelona izy:

«Raha mbola tsy ary akory ny vatanao malia  
no efa niantso anao ny sary ny sy hira»

Randja ZANAMIHOATRA (50)

---

(48) *Aiza ianao?*

(49) *Fandresena*

(50) *Poeta*

Ny poezia no Fiandohana, dia ny Alfa. Ary ny poezia koa no Fiafarana, dia ny Omega :

«Ary na ho tototra aza ireo rehetra namikirany  
Manan-dindona any ihany ny Poeta sy ny hirany».  
Randja ZANAMIHOATRA (51)

Fa hoy i DOX :

«Ny tandindonao anefa  
Dia tomoetra tsy hilefa  
Amin'ny hira hirako anao».  
DOX (52)

Ny zavatra ny tany sy ny olombelona dia mandalo, fa ny poezia kosa mitoetra, araka ny andalan-tononkalon'i Riza RATSIMAZOA (53) manao hoæ :

«Izay nosoratan'ny tanako manko  
Inoako haharitra mandrakizay».

b) Ny Andriamanitra tompoina ao amin'ny Finoan'ny poezia, dia ny *Hatsaran-tarehy*. Koa tsy maintsy karohina sy tadiavin'ny poeta mandrakariva izy io ivavahana ...

«Izaho no Hatsaran-tarehy :  
Izaho izay nasandratrao, izaho iankohofanao»  
Randja ZANAMIHOATRA (54)

Isasarana koa :

«Izay mikatsaka ny tsara  
Ny ati-doha no solom-pony»  
Riza RATSIMAZOA (55)

Tsy maintsy mivoa-dinitra ara-tsaina, vao mahazo ny Hatsaran-tarehy.

d) Ny sorona masina entina manompo ny hatsaran-tarehy, dia ny *Teny*. Sorona masina, satria «masina» ny teny ho an'ny poeta. Manana *hasina* hanome *aina* izay kasihiny ny *Teny*, hoy i Riza RATSIMAZOA. Ny *Teny* dia afaka manova endrika sy manova toetra ny zavatra iantefany. Ary ny fahaizana mampiasa io «hasina» io sy milalao aminy indrindra no maha-poezia ny poezia.

Ny poezia ve? Izao no famaritan'i Riza RATSIMAZOA (56) azy :

«Ny hirako ...  
Ny tsirin'ny eritreritra, manonja ny fidonany

---

(51) *Ny alintsika*

(52) *Ny tandindonao ...*

(53) *Ny hevitra ny tsara*

(54) *Ny poeta sy ny hatsaran-tarehy*

(55) *Ny hevitra ny tsara*

(56) *Matoambolana*

tovanam-peo tantely, hampanongilan-tsofina  
 ka miova tsy ny sodina maneno akoho notsofina  
 no iny ampitepoiko amboaram-barivary  
 hanondra-dranomanitra ombaim-panangolena  
 sy velovelofy nofy velarina ho sary  
 milokon-takarivan'ny masoandro mena» ...

Ny poezia dia izay afaka hampirindra ny zavatra azo tsapain-tanana ka voasariky ny fandrenesam-batana (eto : ny sofina, ny orona, ny maso) amin'ny zavatra tsy azo tsapain-tanana (eritreritra, fihetseham-po, fitiavana, sns ...)

### FEHINY :

Ho famaranana, dia tokony ho ny poeta ihany no homena ny teny. Tononkalon-dRandja ZANAMIHOATRA anankiray mamintimpintina ny fiheveran'ny poeta eto amintsika ny atao hoe poezia sy maneho koa ny fahaizan'ny poeta malagasy mandrindra tontolo roa : ny tontolon'ny Baiboly sy ny tontolon'ny poezia :

«Fony izaho mbola nofy tao an-tsain'ny lehilahy,  
 Fony izaho mbola rano tao am-bohoky ny reny  
 No efa henoko sahady ny antsonao nitarika ahy  
 ry andriamanitry ny HIRA sy andriamanitry ny TENY!

Raha mbola tsy «fisiana» no an'izao tontolo izao  
 Fa ny masoko hahita ny sofiko handre  
 Mbola SARY sady FEO tao an-eritreritra ao ...  
 Dia efa niombon-tafa isika ka niresaka elabe.

Fony mbola heniheny irony kintana alinalina  
 Ary indro izay hisiako, mbola velon-ketaheta ...  
 No efa nentinao ny saiko sy narobokao lalina  
 Dia nasaikanao impito vao navoaka ho «Poeta»

Ary hoy ianao nilaza : «mandehana, inahefà!  
 Andeha rantovy ka vahao ny andriamanitra mifehy,  
 Ilay mifatotra any ho any sy nosolokina fa  
 Izy no nipoirantsika, dia ny HATSARANTAREHY».

Iza no HATSARANTAREHY ?

Inty vaka ny Poeta.

Moa ny ato anatiko ato sa ny eny ivelany eny ?  
 Va iretsy zavaboahary sa izatsy zazavavy  
 Amin'izato bika loatra maha «hery» ny halemeny ?  
 sa ny avelon'izy ireny efa novelomiko avy  
 Tamin'ny fofonain'ny Teny sy ny fofonain'ny Hira ?

( ... )

Ary ...

Andeha isika hamorona olona tahaka antsika  
araka ny endritsika :

NY HATSARANTAREHY».

Randja ZANAMIHOATRA (57)



## **BIBLE ET LITTERATURE MALGACHE MODERNE**

### **La Bible, source d'inspiration poétique ? Quelques exemples : THEMES ESCHATOLOGIQUES (Résumé)**

présenté par  
Mr. RAMIANDRASOA Jean Irénée

#### **THEMES ESCHATOLOGIQUES**

Les différents dictionnaires de la bible nous apprennent que le mot ESCHATOLOGIE dérive du mot grec «*eschaton*», ce qui vient en dernier. L'ESCHATOLOGIE est donc la doctrine dont relève tout ce qui a trait à la *fin du monde* et au *monde à venir*. On pourrait grouper la perspective eschatologique de la bible en dix thèmes principaux :

1. Le monde matériel cesserait d'être tel qu'il est maintenant,
2. car les êtres et les créatures sont éphémères.
3. Alors, l'univers s'achèvera dans un cataclysme cosmique.
4. Et Dieu créera de nouvelles terres et de nouveaux cieux de bonheur et de paix,
5. différents de notre monde qui est un lieu de désolation.
6. C'est alors que les morts ressusciteront
7. pour être jugé par Dieu.
8. Les justes iront au Royaume de Dieu

9. Mais par sa résurrection, Jésus a inauguré «les temps à venir», Jésus accueillera au ciel ceux qui croient en lui.
10. Tel est la puissance de Dieu qui est le Commencement et la Fin.

En interférant ces thèmes avec des œuvres poétiques malgaches choisies — mais qui recouvrent toutes les périodes littéraires de la jeune histoire de notre poésie, de Ny Avana RAMANANTOANINA à Riza RATSIMAZOA —, on remarque chez nos poètes l'existence d'une certitude, d'une angoisse et d'une eschatologie poétique.

### **1. Certitude de la perspective eschatologique de la bible.**

Un survol des textes poétiques fait jaillir une certitude : nos poètes ont énoncé, dans la forme versifiée, un véritable acte de foi en la perspective eschatologique de la bible. On retrouve dans les poèmes neuf des dix thèmes eschatologiques, celui de «Jésus-Sauveur» n'apparaissant que dans deux ou trois poèmes de circonstance.

### **2. Angoisse devant la perspective eschatologique de la bible.**

Une lecture plus attentive des textes poétiques fait ressortir non une certitude et une foi, mais une angoisse : la crainte que les Ecritures ne se réalisent pas. La MORT est une certitude : elle détruit le corps. Seul, les «fous» et les «menteurs» croient en la résurrection. D'autant que les morts, muets à jamais, ne sont jamais venus entretenir les vivants des réalités de l'au-delà. On retrouve ici le thème classique de l'absurdité de la vie.

### **3. «Eschatologie poétique».**

La question posée par le titre de la communication à savoir : «La bible est-elle une source d'inspiration poétique?» ne devrait pas être adressée aux poètes, car la poésie a son univers propre avec ses croyances et sa finalité.

Le POETE est un être différent des autres. Il a des pouvoirs occultes à l'image d'Orphée qui pouvait se rendre maître des choses et des êtres. Il pénètre dans un monde invisible qui se situe au-delà de notre «espace euclidien à trois dimensions». Le poète est un prophète car il «voit» les choses et dévoile les mystères. Le moment de l'inspiration poétique est pour lui le moment de bonheur par excellence, ineffable et grandiose ; et le silence de la déesse Muse représente pour lui la véritable mort.

La POESIE est une religion établie sur trois croyances essentielles, à savoir :

- a) la poésie est éternelle : elle a précédé l'existence et la survivra ; elle est l'alpha et l'oméga.
- b) la poésie n'a qu'un seul dieu : la BEAUTE ; la poésie n'a d'autre raison d'être que la quête de cette BEAUTE.
- c) le poète a un pouvoir sur les MOTS pour lesquels il peut métamorphoser le monde et même la bible.